



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Hahazo lamasinina vaovao ny zotra Fianarantsoa-Côte Est alohan'ny faran'ny taona ary hisitraka fotodrafitrasa maro ny vahoaka toy fanamboarana ny lalana, ny fampidirana rano fisotro madio sy jiro, ny fanamboarana ny tsena, ny fitaovana entina hanadiovana ny tanàna, ny fanatsarana ny "gare routière". Ireo no sombiny amin'ny asa maro izay atomboka amin'ity taona ity izay nambaran'ny Filoham-pirenena tamin'ny vahoakan'i Fianarantsoa nandritra ny fihaonany tamin'izy ireo ny harivan'ny 24 mey 2019. Nanambara ihany koa ny filoha Andry Rajoelina fa hatsangana ao Fianarantsoa ny kianja lehibe coliséum ary nijery ny toerana hanamboarana izany ny tenany ny marainan'ny 25 mey 2019. Nihaona tamin'ireo maitres FRAM tao Fianarantsoa ny Filoha Andry Rajoelina ary nilaza tamin'izy ireo tsy maintsy vitaina anatin'ity fitondrana ity ny handraisana ho mpiasam-panjakana azy rehetra. Farany dia nitsidika ny Sekoly Miaramilam-Pirenena (SEMIPI) ny Filoha Andry Rajoelina, nijery ny mety hanatsarana ny sekoly sy ny fampitaovana izany.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
25-05-2019